


Jeannot Ramambazafy sy Roland Hubert Rasoamaharo, mpinamana efa tany amin'ny tapaky ny taona 1960. I Lola teo ampitan'ny *"Superette"* ao Ampefiloha, no nipetraka. I Pappy Jeannot teny akaikin'ny *"Akan'ny Provinsy"* taloha, ao Isotry. Anontanio izy fa aza miseho mahalala azy noho izaho ianareo rehetra miseho mahalala azy ireo. Mpitrifana be izy ary nampiasainy amina zavatra tsy dia mendrika ny *"arts martiaux"*nianarany tao amin'ny Dojo ao Ampefiloha... Lola ? *"Il avait une revanche à prendre sur la vie mais il a toujours utilisé les mauvaises méthodes"*. Izay izy.




Ny karatra maha mpanao gazety matihanina ahy
RECTO/VERSO

Araka ny fanisana natao ny volana Septambra 2021, dia miisa 1.509 ny mpanao gazety malagasy tafiditra ao amin’ny sokajin’ny matihanina ( « *Professionnel* ») eto Madagasikara, miparitaka ao amin'ny faritra miisa 23 misy eto amintsika, ka manana karatra mifandray amin’izany, izay ny OJM ihany no afaka manome izany amin’ny fomba ara-dalàna.

Maro dia maro ny fikambanam-panao gazety eto Madagasikara. Misy isaky ny sehatra : fanatanjahantena, tontolo iainana, fizahantany, fialamboly… Fa raha resaka sehatra politika ankapobeny dia ireto manaraka ireto no singaniko satria tena maro mahafantatra kosa :

***Association des journalistes*** **et animateurs culturels de** ***Madagascar (SORAKANTO)****. Domoina Ratsara no anisan’ny nanangana azy ny 24 janoary 2012. Resaka kolontsaina ankapobeny.*

***Association* des Femmes *Journalistes* de *Madagascar* (AFJM)**, nitsangana tamin'ny taona 2018, ka vehivavy mpanao gazety miisa 600 mahery no mpikambana ao aminy, misandrahaka amina sehatra maro.

**Association des Chroniqueurs Politiques (ACHROPOL).** Nitsangana 20 taona lasa izay (2003) ka i Johary Ravoajanahary (TVM) no Filohany.

**Association Libre des Journalistes de *Madagascar* (ALJM)**, nitsangana ny taona 2006 tao Farafangana.

**Association des Journalistes des Radios Privées (AJRP)**, nitsangana ny taona 2010 ka i Soava Andriamarotafika no Filohany.

**Fikambanan'ny Mpanao Gazety faritra Atsimo Andrefana (FMGFAA)**, natsangan'Itompokolahy Charles Raza Malaivandy ny taona 2006.

Fa ao koa ny fikambanana toa ny **CDJ** sy **ILONTSERA**.

CLUB DES JOURNALISTES DOYENS


ILONTSERA
Media Matters Madagascar

Ny voalohany dia fikambanan'ny Mpanao gazety zokiolona ( « *Club des Journalistes Doyens* » ), nitsangana ny 18 Aogositra 1993, 30 lasa izay. Efa nodimandry i Dany Be (Daniel Rakotoseheno) sy Ralehilahy (Rémi Rahajarizafy) anisan'ny vy nananana io CDJ io.

Ny faharoa dia fikambanana tsy miankina noforonin'i Monique Rakotoanosy, ary nitsangana ara-pomba ofisialy ny volana Oktobra 2015. Sehatra manara-maso indrindra ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety sy ny tontolon'ny serasera ankapobeny.

**Ny OJM dia natsangana araka ny décret 74-112 tamin'ny 27 Marsa 1974. Ny sasany amin'ireo mpanao gazety miseho ho dadany, dia mbola tsy teraka akory tamin'izany. Ny any mba hitany ho an'ny fahasalaman'ny paosiny dia ny mandoka ireo heveriny fa manao politika mpanarivo tsy mahalala afa-tsy ny : Izaho, ny fianakaviako, ny tanindrazako *("moi, ma famille, ma patrie").***

Fa eo anatrehin'ny làlana manan-kery, dia ny lalàna 2020-006 momban'ny *« Code de la Communication médiatisée »*, ny OJM *(« Ordre des Journalistes de Madagascar »),* na ny **Holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara**, no mandrindra ny asa fanaovan-gazety sy manome ny karatra maha matihanina manerana ny Nosy, araka ny voalazako tamboalohany.



**Loi n°2020-006 portant modification de certaines dispositions de la Loi n° 2016-029 du 24 août 2016 portant Code de la Communication Médiatisée** **ARTICLE 54: l'OJM et ses attributions officielles et légales**

« **Article 54 nouveau** : L'exercice de la profession de journaliste est libre. Toutefois, seules les personnes titulaires d'un diplôme, brevet de qualification, ou certificat délivré par un établissement de formation professionnelle en journalisme reconnu par le Ministère en charge de l'Enseignement Supérieur et / ou de l'Enseignement Technique et Professionnel peuvent obtenir une carte d'identité professionnelle délivrée par l'Ordre des journalistes.

Peuvent également obtenir une carte d'identité professionnelle toute personne pouvant justifier qu'elle a exercé d'une manière permanente la profession pendant trois années consécutives».

L'OJM retire la carte d'identité professionnelle si le journaliste n'exerce plus le métier durant un période de douze (12) mois consécutifs».

**Article 20**. Est inséré un article 54 bis dont les dispositions suivent :

« **Art 54 bis nouveau**. Les journalistes forment un Ordre, doté de la personnalité morale, dénommé "Ordre des Journalistes de Madagascar", en abrégé OJM ».

**Article 21**. Est inséré un article 54 ter dont les dispositions suivent :

« **Article 54 ter nouveau**. L'Ordre des Journalistes de Madagascar a pour mission de réguler l'exercice de la profession de journaliste.

A cet effet, il est chargé de :

- promouvoir le métier de journaliste ;
- émettre des avis sur tout projet de texte relatif à la Communication Médiatisée ;
- protéger le journaliste contre toute atteinte ou abus dont ils font l'objet dans l'exercice du métier de journaliste ;
- assister les journalistes devant les autorités politique, administrative et/ou juridictionnelles ;
- délivrer la carte d'identité professionnelle du journaliste ;
- veiller au respect des droits et obligations du journaliste ;
- procéder au contrôle et au suivi de l'exercice du métier de journaliste conformément à la législation en vigueur ;
- connaitre de tous manquements aux règles d'éthique et de déontologie du journaliste dans l'exercice de ses fonctions en tant que Conseil de Discipline ;
- sanctionner tout manquement aux règles d'éthique et de déontologie de la profession de journaliste par un avertissement, une suspension provisoire ou une radiation définitive du journaliste en fonction de leur gravité.

Lorsque l'OJM est saisi par les autorités sur des questions concernant le domaine du journalisme, il émet des avis. Lorsqu'il s'auto-saisit sur des questions l'intéressant, il émet des recommandations. Lorsqu'il prend des actes ayant caractère de sanction à l'endroit des journalistes, il prend des décisions».




Fédèration des Associations des Journalistes Malag
Fidele Razara Pierre, Fernand Cello, Henin
Rakotomanantsoa, Gascar Fenosoa, Dom
Rasamoelson, Harifidy Ramanandraibe

Raharaha Lôla Rasoamaharo 1

👉Fanambaran'ny "Fédération des Associations des Journalistes Malagasy"

🔺 Manoloana ny tranga izay niseho ny faran'ny herinandro teo, mikasika ny fisamborana sy ny famonjana vonjimaika ny Filoha Tale Jeneralin'ny La Gazette de La Grande ile.

🔺 Mijoro ny Federasiona hiraisan'ny Fikambanan'ny mpanao gazety eto Madagasikara, maneho ny ahiahinay.

- 🔺 Manameloka ny fisamborana mpanao gazety, ny fanohintohinana mivantana na ankolaka ny orinasan-gazety.

🔺 Tsy mitsabaka amin'ny raharaham-pitsarana izahay, fa anjaran'ny voakasik'izany na ny mpitory na ny toriana, sy ny mpisolovava azy ireo, no mitondra ny fiarova-tenan'izy ireo.

🔺 Raharaha manokana tsy misy hidiran'ny asa fanaovan-gazety ny ambara fa fototry ny fitoriana azy, raha jerena indray mielatra, rehefa tena fotorina akaiky sy lanjalanjaina daholo anefa, dia mampanahy ny zava-misy.

Raharaha Lola Rasoamaharo 2

🔺 Mifototra amin'ny mety ho fiantraikan'izao zava misy izao amin'ny fahalalahan'ny fanehoan kevitra eto amin'ny firenena ny ahiahinay. Ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra izay hita miharihary fa efa mihatery sy miha-sarotra hatrany.

🔺 Manahy izahay fa misy dian-tanana politika ao ambadik'izao raharaha izao. Miendrika ramatahora sy fampihorohoroana, atao amin'izay mahasahy miteny ny zava -misy eto amin'ny firenena, ny zava-misy.


🔺 Manahy izahay, sao dingana hirosoana any amin'ny fanakatonana, na fanapenam-bava ny orinasan-gazety ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Tranga izay midika ho fanasaziana ny olom-pirenena rehetra manan-jo hisitraka vaovao maro lafy.


🔺 Noho izany, manambara etoana izahay fa manaramaso ary mijery akaiky ity raharaha ity.

Androany, 27 Mars 2023



Andriantsalamaniaina Fetra, mitainganina ilay moto mipetraka ao amin'ny efitra fandraisambahin'i Lola Rsoamaharo ao Ivandry. Niara-natao MD ao Antanimora i Fetra sy Lola, ny sabotsy 25 marsa 2023



**Exrait du Code de procédure pénale malgache promulgué par ordonnance nº 62-052 du 20 septembre 1962, modifié par la loi nº 2007-021 du 30 juillet 2007 modifiant et complétant certaines dispositions relatives à la détention préventive.**

**Art. 136**. (Loi n° 97-036 du 30.10.97) - Un officier de police judiciaire ne peut retenir une personne à sa disposition pour les nécessités de l'enquête préliminaire pendant plus de quarante-huit heures.

Passé ce délai, la personne retenue doit obligatoirement être relâchée ou conduite devant le magistrat du ministère public. Si ce délai expire les samedi, dimanche et jours fériés, le magistrat de permanence ou l'officier du ministère public doit être avisé de l'heure à laquelle la personne sera déférée.

Si le magistrat du ministère public est absent de sa résidence, ce délai est porté à trois jours.

Si la résidence de l'officier de police judiciaire est située hors de la ville siège d'un tribunal ou d'une section de tribunal, il peut demander au magistrat ou à l'officier du ministère public de sa circonscription l'autorisation de prolonger la garde à vue de la personne retenue pour une durée n'excédant pas quarante-huit heures. Cette autorisation doit être confirmée par écrit et jointe au procès-verbal

Passé ce délai la personne retenue doit obligatoirement être relâchée ou conduite devant le magistrat ou l'officier du ministère public compétent.

**Miasa, Tompoko, ny ao amin'ny Tribonaly, na Sabotsy sy Alahady, na andro na alina, na andro tsy fiasana aza. Zoma i Lola no "garde à vue", tsy maintsy nentina any amin'ny tribonaly ("défèrement") izy ny sabotsy ary natao MD (*"Mandat de dépôt"*) avy hatrany ny alina. Misy antony voaporofo no nahatonga izany.**

**Ary tsy nandaitra intsony ny "interventions" natao hatrizay... Satria nisy fiantraikany eo amin'ny fifandraisam-pirenena ara-diplomatika ny nataony i Lola**

**Misy antony koa no tsy namoahany an-gazety ny anaran'ilay mpitory satria fantany fa tsy mety ny nataony aminy maha olo-tsotra azy. Samia isika miandry izay ho tohiny. Tsy mora izany... Antanimora izany. Fa mankahery azy aho satria Mba namana ihany ary tsy mora akory izany fonja izany. Koa mankahery azy sy Niry vadiny aho. Mankahery koa an'i Fetra nahatoky loatra fa mety ny nataony...**

**Jeannot RAMAMBAZAFY**
**Talata 28 Marsa 2023**